“Mifankatiava ianareo tahaka ny nitiavako anareo”
(Joany 15, 12)

Fiangonana Katolika Malagasy Paris sy Ile-de-France
171 Boulevard Brune – 75 014 PARIS
Site : http://www.fkmp.org/

ISAN-TOKANTRANO

N° 100

100 IZAY…

Nifanindra an-dalana hatrany ny asa pastôraly sy ny gazety teto amin'ny FKMP.

Tamin'ny taona 1954 rehefa voatendry ho Aumônier teto Paris I Mompera Armand RAZAFINDRATANDRA (Itompokolahy Kardinaly) dia isan'ny asa voalohany nataony ny famoranana ny gazety nomena ny anarana hoe : ***FEHIM-PIHAVANANA***, nafana fo sy nanentana tao I Félicien RADILOFE, Prezidà. Nanandratra avo ny kolontsaina malagasy sy ny fanabeazana kristianina.

30 taona taty aoriana, voatendry Aumônier I Mompera Germain RAJOELISON, ny taona 1984, dia naorina ny gazety nitondra ny anarana hoe : ***ROHY***, fifampitaizana sy filazam-baovao, ary nankininy tamiko ny tonian'ny fanoratana. 5 taona taorian'izay dia I Mompera François-Xavier RAKOTOMAMONJY (Ra-Guy) no lasa Aumônier ka lasa " ***AINA ITY***" ny anaran'ny gazety.

Tamin'ny taona 1996, dia hita fa nitombo ny mpiangona, manomboka mivelatra ny asa pastôraly eto amin'ny FKMP. Noho izany dia mila tosika sy ainga vao ny fampifandraisana ny kristianina. Nankalaza ny fahafolo taonany ny Antoko Mpihira "*Feon'Anjomara*", ary vao herintaona no nifindrana teto amin'ny Chapelle Saint Paul, koa mila tohana sao mangatsiaka ny mpivavaka. Nisy lamin'asa vaovao napetraky ny Aumônier vaovao, I Mompera Pierre-André RANAIVOARSON, zezoita, sy I Pierre RAZAFIMAHATRATRA, Prezidà. Isan'izany ny faniriana hamorona takilam-pifandraisana mivoaka isan'Alahady misolo ny gazety. Nankinina tamiko ny fanatanterahana izany sy ny fanomezana ny anarany. Satria ezaka fitaizam-panahy, fifampizarana ary fanomezana vaovaom-piangonana tokony hanenika isan-tokanrano no tanjona, dia natolotro ny soso-kevitra isafidianana na "Isan-tokantrano" na "Ainga Vao" no atao anarany. Tinapaky ny Birao tamin'izany fa "**ISAN-TOKANTRANO**" no atao anarany. Mandritra ny taom-pianarany no ivoahany. Nivoaka ny laharana voalohany ny volana septambra 1996, 15 taona lasa izay no nahaterahany. Tsy nasiana laharana aloha. Nanomboka tamin'ny fidiran'ny taom-pianarana 2003/2004 vao nasiana laharana, ary miverina amin'ny laharana voalohany isaky ny manomboka ny taom-pianarana.

Ny Alahady 11 janoary 2009 no nanomboka ny laharana voalohany tsy niato tsy miverina any amin'ny voalohany intsony ka tonga amin'izao laharana faha-100 izao androany Alahady 20 Marsa 2011. Ka marihantsika manokana ity laharana ity.

Ny Alahady 08 Marsa 2009, laharana faha- 08, fetin'ny vehivavy, no lasa niloko ny Isan-tokantrano.

Tamin'ny laharana faha-73, ny Alahady 05 septambra 2010, no napetraka voalohany ny sarin'ny Aumônier-ntsika I Mompera Edmond RAKOTONDRAMANANA, mpanao ny matoan-dahatsoratra.

Ary tamin'ny laharana faha-83, ny Alahady 14 Novambra 2010, no nasiana ny sarin'ny mpanao fifampizarana. Nisantatra izany I Misa ANDRIAMANANTENA, nisolontena ireo vao nandray ny Sakramentan'ny Mariazy.

Ankehitriny efa maro isika no mifandimby manao fifampizarana isan'Alahady. Manaraka ny Vakiteny Masina. Ny Vaomieran'ny Fifandraisana no miandraikitra ny Isan-tokantrano, ampian'ny Biraom-piangonana, misahana rahateo ny Site-ny FKMP.

Raha atambatra dia efa anjatony mahery (700 eo ho eo) no laharana nivoaka tao anatin'izay 15 taona izay.

Matoa maharitra tahak'izany dia noho ny Fahasoavan'Andriamanitra, izay tolorantsika Saotra sy Dera ary Voninahitra. Teo koa ny fanoloran-tenantsika tsirairay avy tsy ary voatonina eto. Nisikim-ponitra tao ny Vaomieran'ny Fifandraisana iray manontolo. Singaniko manokana fotsiny I Rivo RASOLOFOMANANA avy ao amin'ny Birao-piangonana, ary I Jeannot RASOLOFOARISON, avy ao amin'ny Vaomieran'ny Fifandraisana.

Angatahintsika àry Ilay Tompo Mahery, Tompon'ny fotoana mba hanampy antsika eo amin'ny fanohizana ny asa. Ampanetren-tena no angatahintsika izany araka ny tonon-kiran'ny mpanao Salamo hoe :

"Ampianaro manisa tsara ny andronay izahay, mba hahazoanay fo hendry " Salamo 90(89), 12

ELIASY Liva